Depiote Todisoa 2

**Manampy ireo tanora ho amin'ny famokarana savony**

Fiainam-pirenena 2

**Lamasinina manadino vahoaka ny an-dry Rajoelina**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


By-Pass Alasora 7

**Tapaka ny lalana amin'ny 10 ora maraina ka hatramin' ny 6 ora hariva**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 14 mars 2023 Laharana 1412 Vidiny : 600 Ar


Mandriambero. Filoha Ravalomanana 2

## Hanova ny làlana hizoran'ny firenena isika amin'ity taona ity



Tontosa ihany ny fanamarihana ny 8 martsa 2


## Nahazo hery ny Vehivavy TIM Analamanga






Raharaham-pirenena 3

## Hiara-mientana ny rehetra hanampina ny lalam-poza



Assanati Famo Gidraka 6

## Mampitandrina ireo kaonty fako facebook misoloky ny anarany



Fiarovana harena voajanahary 7

**Voarara ny fihazana, ny fihinanana varika**

Ny Valosoa sy mahasoa 5

**Fomba natoraly fanalana rano amin'ny havokavoka**

Daka kely

Mandeha angidimby mizara vary 1 vilia ve sisa ry Boaikely no mba fikan'ialahy a !

MANDRIAMBERO. FILOHA RAVALOMANANA

# "Hanova ny làlana hizoran'ny firenena isika amin'ity taona ity"

Notanterahana tao amin'ny Espace SK Melody Mandriambero distrikan'Ambohidratrimo ny sabotsy teo, ny fifampiarahabana tratry ny taona nataon'ny Dis-TIM Ambohidratrimo. Tonga niatrika izany ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana; ny depiote an'Ambohidratrimo Mamy Rabenirina, sy ireo depiote avy amin'ny antoko TIM, notarihan'ny filohan'ny Vondrona Parlemantera, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona; ny avy amin'ny birao politika Jean Claude Rakotonirina sy Julien Andriamorasata, ireo ben'ny tanàna TIM ao amin'ity distrika ity.

Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany fa:"faly miarahaba antsika vahoaka rehetra aty Ambohidratrimo izay tonga maro anio. Ary mirary soa antsika rehetra amin'izao taona vaovao izao.

-Rehefa miresaka isika ny hoe taona 2023, dia taompifidianana no tonga ao an-tsaina, ren'ny sofina ary mahalasa ny eritreritra manontolo.

-Iaraha-mahalala ny fahavoazana sy ny fahantrana mianjady amin' ny Malagasy ka manjary very fanantenana izy ireo, satria dia maizina ny ho avin' ny firenena raha izao no mitohy.

-Hamafisina indray fa taona lehibe ahafahana manova ny làlana hizoran'ny firenena ity taona ity, ka ahafahana manangana ilay firenena vanona tadiavintsika. Izany anefa dia mitaky fandraisana andraikitra eo amin'ny tsirairay.

-Tsy afaka hiatrika fifidianana madio isika raha tsy manana lisi-pifidianana madio sy mangarahara ary feno ara-dalàna manaraka ny lalàna mifehy ny tany sy ny firenena.

-Koa manentana anareo rehetra izay mbola tsy ao anaty lisi-pifidianana, mba hanatona ny Fokontany misy anareo tsirairay avy hanoratra anarana, hanamarina ihany koa raha efa ao ny anaranareo na tsia, satria zo fototra maha olom-pirenena vanona sy vonona ny mifidy izay hitondra ny firenena.



*Ny filoha Marc Ravalomanana tao amin'ny SK Melody Mandriambero.*

-Tamin'ny 8 Martsa teo, izay andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy, dia nikasa hanatanteraka izany fankalazana izany ny vehivavy TIM teto Analamanga, teo amin'ny Magro Behoririka kanefa dia feno mpitandro filaminana teny an-toerana nampihorohoro ary nanakana ny fidirana.

-Avelao hizotra am-pilaminana ny fanentanana ny vahoaka hisoratra anarana.

-Manameloka ny tsy fanajàna ny zon'ny mpianatra mitaky ny vatsimpianarany.

-Manameloka ny jadona sy ny fanaparam-pahefana atao amin'ny mpianatra.

-Mitaky ny fanomezana hasina ny fampianarana (mpampianatra, mpianatra, mpandraharaha).

-Mitaky ny fanatsaràna ny kalitaon'ny fampianarana.

-Mitaky ny hisian'ny fotodrafitr'asa ara-dalàna eny anivon'ny Oniversite rehetra eto Madagasikara.

***Nangonin'Isambilo***

Tontosa ihany ny fanamarihana ny 8 martsa

# Nahazo hery ny Vehivavy TIM Analamanga

Nisy ny sakana natao tamin'ny vehivavy TIM Analamanga ny alarobia 8 martsa, andron'ny vehivavy maneran-tany. Tsy tontosa araka ny tokony ho izy ny fandaharam-potoana izay noeritreretin'ny mpikarakara tamin'izany, satria ny fotoam-bavaka izay zavadehibe tamin'ny vehivavy TIM Analamanga aza dia teo amin'ny arabe no notontosaina tamin'izany. Manoloana izany indrindra dia nisy ny fihaonana nataon'izy ireo tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM, tao Bel'Air Ampandrana ny sabotsy lasa teo, niarahan'ny rehetra nanohy ny fandaharam-potoana izay efa noeritreretina tamin'ny 8 martsa andron'ny vehivavy manerantany. Fijoroana vavovolombelona sy fanomezana toromarika ho an'ireo vehivavy araka ny soratra masina, izay nentin'i Nenifara na Anna Andriamamonjy ao anatin'ny vondrombavaka. Ao anatin'izany ny toetra tokony hananan'ny vehivavy manoloana ny tokantranony sy ny firenena : « omeo vehivavy hendry aho hanorenako firenena vanona », araka ny ao anatin'ny soratra masina. Rehefa vita izany dia teo ny niarahana nifaly niaraka tamin'ny mpanakanto mpanafana ny sehatra sy i Bodo nentina namalifaliana ireo renim-pianakaviana. Nahazo hery ny vehivavy TIM Analamanga, ka vonona izy ireo hametraka ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray, izay latsaka ankaterena amin'izao fotoana. Tsy adino mihintsy hoy ny filoha ny vehivavy TIM Analamanga ny misoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana amin'izao, satria mbola amin'ny faran'ny volana mey, no hifarana ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy.



*Hetsiky ny Vehivavy TIM Analamanga tetsy Bel'Air.*

***Ny Valosoa***

DISTIM Andramasina

# Efa mivonona hiatrika ny fifidianana ho avy amin'ity taona ity



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM tany Andramasina.*

Tsy diso anjara tamin'ny fifampiarahabana tratra ny Asaramanitry ny taombaovao koa, ny avy amin'ny antoko TIM any amin'ny distrikan'Andramasina faritra Analamanga. Ny sabotsy teo no nanatanterahana izany fifampiarahabana izany, izay notarihan'ny DISTIM any an-toerana, ary natrehan'ireo mpitarika ny antoko avy amin'ireo kaominina mandrafitra ity distrika ity. Niatrika ny fotoana ny birao politika, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ny depiote voafidy tany an-toerana: Bina. Natao nandritra izany ny fifampiarahaba tratry ny taona, sy fanomezana toromarika mikasika ny fanomanana ny fifidianana ho avy amin'ity taona ity eto amintsika, ho an'ireo mpitarika ny COMTIM ao anatin'ny kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan' Andramasina. Ankoatra izany, mitohy ny fanentanana ataon'ny DISTIM Andramasina ny olona hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, ho an'ny olona feno taona tokony hanatanteraka izany.

***Niaina***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainam-pirenena

# Lamasinina manadino ny vahoaka sahirana ny an-dry Rajoelina

TGV=train à grande vitesse, manary ny olona sahirana fa toa tombontsoa ho an-dRajoelina sy ny ekipany amin'ny fihazakazahana amin'ny tsy rariny samy hafa eto amin'ny firenena ataon'izy ireo. Vao nahaino ny tenin-dRajoelina ny mpanara-baovao maro nanao hoe: soloina, alàna amin'ny toerany izay tsy maharaka dia gaga sy talanjona ihany, satria tena "Train à Grande Vitesse " marina tokoa ve ny zava-misy amin'izao fotoana?Misy ny mpiaramiasa aminy tsy maharaka, ny hita koa dia taraiky ny vahoaka teratany, navelan'ny fitondrana ao anaty fahantrana lalina, tsy ahitan'ny fitondrana Rajoelina vahaolana.

Vahoaka sahirana, mahantra tsy ampy vola sy sakafo ho hanina no entiny, ka tsy mahita fahafahampo mihitsy tato anatin'izay 5 taona latsaka kely izay, na teo amin'ny ara-barotra, ara-tsosialy, tontolo iainana, fiaraha-monina, filaminam-bahoaka, sns… noho ny jadona sy velirano diso paika tanteraka ity. Lamasinina haingam-pandeha tokoa ity TGV hoy ireo sahirana, fa tsy lamasinina mitondra tombontsoa sahaza ny fari-piainan-draMalagasy ary mbola tsy mendrika eto amintsika raha bangoina tokana, satria raha ny fitaterana fotsiny dia mbola tsy nisy gara na lalamby, mba nanaovana fanatsarana sy fanorenana ara-dalàna akory. Mihazakazaka Rajoelina sy ny ekipany manonofinofy ka tsy tratra, ny hanaovana ny tanàna ho toy ny Parisy kely any Ambatondrazaka, ny teleferika, ny lalambe migodana, tetezana mihantona no mahamaika azy nefa ny làlana isaky ny renivohi-paritany, ny jiro sy rano, ny KERE, ny fihemorana any amin'ny farany, toa tsy tazany akory.

Tsorina fa raha mbola toy izao ny zava-misy dia mbola ho mafy noho ny mafy ny ho avintsika, ry zareo mpitondra sy mpisolelaka na mpanohana diso hevitra, no afaka migalabona hatrany, fa ny mahantra sy ny vahoaka sahirana dia ho noana eny hatrany, tsy maharaka ity "Train à Grande Vitesse " TGV ity, adinon'ity Train à Grande Vitesse ity.

***Beharo***

Depiote Todisoa

# Manampy ireo tanora ho amin'ny famokarana savony

Mitohy hatrany ny asa sosialy sy fampandrosoana, izay tanterahan'ny depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Misy ny fampianarana manamboatra savony ho an'ny tanora sy ireo liana amin'izany, ka ny fokontany Ambohimanandray Ambohimanarina, no nanohizana ny fampianarana izany ny faran'ny herinandro teo. Ny mpampianatra dia Lalaina Rabezanahary. Tanjona amin'izao hetsika izao dia ny mba hanampiana ny fidirambolan'ireo tanora, sy ireo vahoaka, indrindra amin'izao fiainana sarotra izao. Nankasitraka izao hetsika nataon'ity olom-boafidy ity izao, ireo mpahazo tombontsoa tamin'izany fiofanana izany.

***Stefa***



*Fanofanana momba ny fanaovana savony, tao amin'ny Boriboritany faha-6.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaham-pirenena

# Hiara-mientana ny olom-pirenena hanampina ny lalam-poza rehetra

Tsy tambo isaina intsony ny hetsika tsy mazava ataon'ny fitondrana Rajoelina Andry amin'izao fotoana izao. Manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana, sa tena manao ho laharam-pamehana ny sosialim-bahoaka, sa manao vazaha mody miady hanafenana ny tsy fahaiza-manao, sy handemena ny saim-bahoaka, mba hiheverany fa mahalala ny manahirana sy ny maharary ny mpiray Tanindrazana tokoa izao fitondrana izao. Ny tsapa aloha dia kendan'ny vomanga nasesiky ny tanany mandrakariva Rajoelina Andry sy ny ekipany, ka mitantana ny Firenena amin'ny tranga isan'andro, fa tsy manana vina matotra hoenti-miatrika mialoha ny olana mety hitranga. Etsy an-kilany dia milalao ny fitohizan'ny asam-panjakana ihany koa ny mpitondra, ka manao fampiraharahana hanorenana fotodrafitrasa, izay tsy ho vita ato anatin'ny valo volana, ka izay iray alehany na ho voafidy indray ka hirehareha fa hahavita zavatra tokoa, na tsy ho lany intsony ka hampibaby kitra izay ho tonga eo amin'ny fitondrana. Na izany na tsy izany dia ny vahoaka Malagasy ihany no hifafa ny kihony amin'ny fanefana ny trosa nindramin'izao fitondrana izao. Tsy mazava ny momba ilay latsabato nataon'ny minisitry ny Raharaham-bahiny taloha Randriamandranto Richard tany amin'ny Firenena Mikambana, nanameloka ny fanafiham-bohitra ataon'ny rosiana any Ukraine. Nanambara ny fitondrana fa tsy nifanarahana izany, ka hita ny vokany fa nesorina tamin'ny toerany ingahy minisitra. Andro vitsivity taorian'ny nahavoatendry ny minisitry ny Raharaham-bahiny ao amin'izao governemanta « vaovao » izao dia nandatsa-bato ho amin'ny fialan'ny tafika rosiana any Ukraine indray ny minisitra. Niaro ity minisitra ity ny mpitondra tenin'ny governemanta satria tsy mifanohitra amin'ny làlantsain'ny governemanta, hono, ny latsabato natao tany amin'ny Firenena Mikambana, satria tsy mankasitraka ny korontana ny mpitondra, fa miezaka kosa ny hisian'ny filaminana. Mety misy elanelany, angamba, ny fandraisana ny voambolana "fanamelohana" ny fananiham-bohitra sy ny fitakiana ny "fanesorana" ny tafika kanefa iray ihany ny haterak'izany dia ny iainan'ny Okraniana ao anatin'ny "fahalemana" ao amin'ny fireneny. Nanambara anefa ny masoivoho rosiana eto an-toerana, fa diso fanantenana tamin'iny latsabato nataon'ny Malagasy iny. Manontany ny mpanaramason'ny fiainam-pirenena hoe: "inona no hasetrin'izao fitondrana izao io fanakiana nataon'ny masoivoho rosiana io"? Azo inoana fa tsy ho sahy hiverin-dàlana izao fitondrana izao, ka ho hita eo raha ho voateliny sy ho levon'ny vavoniny izay hasetrin'ny rosiana iny fanapahakevitra iny. Azo heverina ihany koa fa pimaso ataon'ny fitondrana amin'ny Amerikana sy ny Japoney izao fihetsika izao, satria tsy misy fanampiana azon'ny rosiana hatao ho an'i Madagasikara, fa ny gasy aza no tsetsafiny amin'ny fividianana fitaovam-piadiana sy fanondranana harena any Rosia. Iaraha-mahalala fa samy manana ny toerana misy azy ny Amerikana sy ny Japoney, ny iray eo anivon'ny Banky Iraisam-pirenena sy Tahirim-bola Iraisam-pirenena ary ny faharoa eo anivon'ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana. Izay ny momba ny iraisam-pirenena, fa ny eto an-toerana kosa, ankoatr'ireo olana eo anivon'ny orinasa miankina amin'ny fanjakana samy hafa dia miverina ny olana eo anivon'ny Anjerimanontolo. Manampy trotraka ny toe-draharaha politika izay tena mangotrakotra tokoa eo anivon'ny Antenimierampirenena sy ny mpanatanteraka, eo amin'ny HCDDED sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), dia anisan'ny raharaha sosialy mamaivay ny tranga eny Vontovorona. Tsy takona hafenina intsony ny faharatsian'ny fotodrafitrasa, tsy eny Vontovorana ihany fa amin'ny Oniversite eto Madagasikara rehetra, eo an-kilany koa ny tsy fahafahan'ny fitondrana mandoa ny vatsim-pianarana. Iaraha-mahatadidy ny mpianatra maty noho ny tifi-danitra nataon'ny herimpamoretana. Tamin'ny herinandro lasa dia nihetsika ny mpianatra eny Vontovorona, izay nanaovan'ny filohan'ny Oniversite naoty nanakatonana ny Oniversite mandrapisian'ny fanapahankevitra vaovao indray. Nesorina tamin'ny toerany ny filohan'ny Oniversiten'i Toamasina noho iny raharaha nahafatesana mpianatra iny. Nanameloka ny fanapahan-kevitry ny filohan'ny Oniversiten' Antananarivo nanakatona ny toeram-pianarana ny minisitry Fianarana Ambaratonga Ambony ora maromaro taorian'izany. Tena fanapahan-kevitra tsy niraisana tokoa ve sa nikoropaka ny fitondrana Rajoelina Andry, satria niray hina ny fikambanan'ny mpianatra rehetra, ary nanohitra izany fanapahan-kevitra izany koa ny Sendikan'ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatra. Na inona na inona fialàna andraikitra ataon'izao fitondrana izao dia tomponandraikitra izy amin'ny fanarenana ny fotondrafitrasa mba hanara-penitra, satria mandoa hofantrano ny mpianatra, ary momba ny fandoavana amin'ny fotoana ny vatsim-pianarana izay miantoka ny sakafo iveloman'ny mpianatra hahazoany hery hahafahany miatrika ny fampianarana. Anjaran'ny olompirenena tsirairay no mandray lesona avy amin'ny toe-javatra niainany, nandritra izay efatra taona nitantanan'izao fitondrana izao ny Firenena izao, ka handray andraikitra mifanandrify amin'izany, mba tsy hiverenan'izany intsony amin'ny ho avy. Ho malina mandrakariva anefa satria ny ratsy tsy kely làlana ka hiara-mientana ny Olompirenena hanampina ny làlam-poza rehetra.

***Andry Tsiavalona***

Vondrona Hiffim

# Miantso fifampidinihana hanarenana ny fiainam-pirenena

Ny fanatanterahana ny dinika nasionaly hitadiavam-bahaolana, manoloana ny raharaham-pirenena izay miharatsy andro aman'alina, no antso avo nataon'ny vondrona politika Hiffim (Hetsika iombonana ho an'ny fanarenana sy fanorenana ifotony an'i Madagasikara), tetsy Andohatapenaka omaly alatsinainy maraina. Nanambaran' Andriamatoa Andriamiseza Alain mpitarika an'ity vondrona Hiffim ity, fa manohintohina ny Demokrasia eto Madagasikara ny fanakanana an'ireo lafinkery mpanohitra, sy ny firehana hafa tsy haneho hevitra, manoloana ny raharaham-pirenena ary fahadisoana ho an'ny mpitondra firenena ny fanakatonana ny sekoly ambaratonga ambony (Oniversite Polyteknika Votovorona), izay mitaky ny zony, no sady manapoizina ny fiainan'ny tanora izay ho avin'ny firenena. Nanamafy Andriamatoa Andriamiseza Alain, fa noho ny fahantrana lalina manjo ny mpiray tanindrazana dia mahamenatra ny trangana sambo rendrika tany Ambilobe izay nahafatesana olona marobe, vokatry ny fikasana hitsoa-ponenana any amin'ny Nosy Mayotte. Nanao antso avo ho an'ny mpisehatra rehetra ny Hiffim, mba hanatanteraka fifampidinihina ambony latabatra, hijerena ny laharam-pahamehana amin'ny alalan'ny fanarenana ny rafitra sy ny lalàna (Fanorenana ifotony). Nampahatsiahy izy fa hihamafy hatrany ny disadisa misy eto amin'ny firenena raha izao trangan-javatra izao no mitohy, ka tsy azo ihodivirana ny fanatanterahana ny dinika nasionaly, mba hahafahana manitsy miaraka ny zavatra tsy mety rehetra eto amin'ny tany sy ny fanjakana, avy eo miroso amin'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra, mba hisian'ny filaminana.

***Franck Razakambelo***




***Ny avy amin'ny HIFFIM.***

ANTOKO TIM AMBAVAHADITOKANA

# Nifanentana amin'ny andraikitra ho raisina amin'ny fifidianana

Nahatratra 200 mahery ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM°), ao amin'ny Kaomina Ambavahaditokana distrikan' Antananarivo Atsimondrano, nifampiarahaba noho ny taom-baovao ny sabotsy teo. Izy ireo ihany no niara-nizaka ny fandaniana rehetra, tamin'ny nofon-kena mitam-pihavanana nokarakarainy. Ny tsipaipaika teo am-pisoratana anarana, no niampy tolo-tanana avy amin'ny mpikambana vitsivitsy no natambatra tamin'izany, nahafahana niara nifety sy nifaly. Ny fihaonana dia nahafahana nifanentana amin'ny andraikitra tokony ho raisin'ny rehetra, manoloana ny fiatrehana izay fifidianana rehetra ho avy eo. Ankoatra izany, fantatra fa hisy ny hetsika lehibe hokarakarain'izy ireo ny 30 aprily ho avy izao, mba hahafahana miatrika izany vanim-potoanan'ny fifidianana izany.



***Ny Asaramanitry ny taom-baovao, ho an'ny antoko TIM, tao Ambavahaditokana Antananarivo Atsimondrano.***

***Niaina***

## TONONKALO

### *Hisy ve ny fifidianana ?*

Mbola tsy navoaka ihany izay ho datim-pifidianana.
Ilay navoakan`ny komity dia tsy hay raha tena hotanana.
Indreo mandeha ny setrasetra sy karazam-paminganana,
Ho an`ireo izay mpifanandrina tsaratsara fiomanana !

Mbola tsy navoaka ihany izay ho datim-pifidianana.
Efa maro ireo manahy ho tena very fihinanana,
Ary dia mampiasa fomba sy karazam-panakanana,
Raha vao misy fofompofon`ny filoha Ravalomanana !

Tena tsotra be ny antony : efa tsy matoky tena
Ny mpitondra ankehitriny ka mamorona hafetsena.
Ny hanalava taom-piasana, izay no tanjona kendrena.
Hala-bato no efa ketrika hibatana fandresena !

Misy koa ny tsirin-kevitra efa tazana any ho any :
Tena atao ny fikafika tsy hampilamina ny tany.
Amin`izay ny fifidianana sy `zay mombamomba izany
Dia tsy anaty laha-dinika ka hihemotra hatrany !

Mbola averina eto indray fa mihorohoro ny eny ambony,
Ka izay lalana hodiaviny aza tena tsy hainy intsony.
Hany sisa tetikady izay miloatra avy ao am-pony
Dia ny handrara ireo mpifidy tsy haneho izay tena zony !

***DADAN`i ZINA (11-03-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

NR, Helisoa, Navalona, LW

**Ny fihaonan'ny birao politika tamin'ny TIM Andramasina, sady fifampiarahabana tratry ny taona, tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM tany an-toerana.**





**Ny DISTIM Ambanja faritra Diana, no tarihan'ny filohany Andriamatoa Bertrand, nanolotra simenitra, ho fandraisana anjara amin'ny famitana ny fiangonana FJKM Ankify.**





**Rehefa tsy tontosa ny 8 martsa teo tao amin'ny Magro Behoririka, noho ny fanakanan'ny mpitandro filaminana ny fankalazana ny fetin'ny vehivavy ho an'ny Vehivavy TIM Analamanga. Notanterahana ny sabotsy teo izany tao Bel'Air, nanaovana famelabelarana narahina ady hevitra, sy nizarana ny nofon-kena mitam-pihavanana ho an'ireo mpikatroka tonga maro tokoa.**











## NY TENY FIAINANA

*Ary tsy maintsy ho tsara laza koa amin'izay eny ivelany izy, fandrao ho lavo amin'ny fananan-tsiny sy ny fandriky ny devoly. Ny diakona koa toy izany ihany, ho maotona tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto.*
***I Timoty 3: 7-8***

FOOTSALLE VEHIVAVY INTERUNIVESITAIRE

# Ny ekipan'ny Aceem no nahery tamin'ny TurnOver II



*Ny ekipan'ny Aceem vehivavy 2023.*

Ny ekipa vehivavin'ny Oniversite Aceem, no nahery teo amin'ny fifaninanana « Footsalle vehivavy Interunivesitaire TunrnOver II », rehefa nandresy ny ekipa vehivavin'ny Jssi Usm 3-2, teo amin'ny lalao famaranana notontosaina tamin'ny sabotsy 11 martsa 2023 lasa teo, tao amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina, ka nandrombaka ny amboara lehibe sy ny taratasim-bola mitentina 400.000 ariary . Baolina matin'i Tifanie sy Jepan ary Jenny no niantoka an'io fandresen'ny Aceem io. Amboara iray kelikely sy taratasim-bola 200.000 Ar kosa no natolotra ny ekipan'ny Jssi Usm tompondaka lefitra . Nahazo ny anjara tandrify azy ihany koa ireo mpilalao mendrika indrindra tamin'ny fifaninanana, sy ny mpampidi-baolina be indrindra ary ny mpiandry harato mendrika indrindra ary ny nandrombaka ny fandresena teo amin'ny fifaninanana « tirs de traverse » sy ny «Freestyle ». Samy notolorana « Cerificat » tsirairay avy kosa ireo ekipa Oniverisitera niisa 14 nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity. Ny ekipan'ny Aceem Oniversitera vehivavy izany, no nandimby ny ekipan'ny Ucm tamin'ny fisalorana an'ity anaram-boninahitra TurnOver ity. Niray feo tamin'ny fanamarihana ny fahombiazan'ny hetsika avokoa, fa nahatafita ny lohahevitra novoizina nandritra ny fifaninanana « Woman, the best Peacmaker », na ny tompon'andraikitry ny Ucm mpikarakara ny hetsika niaraka tamin'ny FMF, na ny reny mpiahy ny hetsika Ramatoa Tsanta Raobelina, na ny mpiandraikitra ny spaoro ao amin'ny Cua na ny zavapisotro Che Free, izay samy nanohana mavitrika ny hetsika avokoa ary samy nilaza, fa mbola vonona ny hikarakara sy hanohana ny hetsika andiany faha-3 avokoa. Ankoatra an'izay, ny Père Tantely Symphorien talen'ny Hise ao amin'ny Ucm kosa dia nanambara, fa eo andalampikarakarana hetsika ho an'ny sokajy lehilahy ihany koa, izay ho tanterahina any amin'ny volana mey 2023 any ho any ry zareo ankehitriny.

**Rainilita**

Judo - Open de Tunis

# Nandrombaka medaly volamena roa i Laura Rasoanaivo Razafy





*« Judo - Open de Tunis ».*

Medaly volamena roa be izao no norombahin'ilay Judokas Malagasy tompondakan'i Afrika ankehitriny, Rasoanaivo Razafy Laura, zanak'ilay Olympien Razafy Luc, tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenen'ny Judo « Open de Tunis », notanterahina tamin'ny 09 ka hatramin'ny 12 martsa 2023 teo tao an-drenivohitr'i Tunisie, ka ilay teratany kalaza Lituanianina laharana faha-6 maneran-tany, Pileckaite Ltu Ugne, no resiny teo amin'ny lalao famaranana tamin'ny alahady 12 martsa 2023, teo amin'ny sokajy junior sokajin-danja latsaky ny 70 kg vehivavy. Ny medaly volamena iray hafa dia azony teo amin'ny sokajy sénior. Marihana fa efa eo ampanomanana ny fifaninanana judo "Algérian Junior African Cup", izay ho tontosaina any Alger amin'ny zoma faha-17 martsa 2023 ho avy izao sahady ankehitriny Rasoanaivo Razafy Laura.

**Rainilita**

Championnat d'Afrique de l'Est tennis de table

# Nahazo fandresena ny mpilalao Malagasy vehivavy tokana





*Raharimanana Hanitra tany Djibouti.*

Samy nandrombaka medaly volamena avokoa, ny ekipa mpanao lalao tenisy ambony latabatra Malagasy nosoloin'ireo mpilalao mpila ravinahitra any ivelany, izay niatrika ny « Tennis de table Championnat d'Afrique de l'Est 2023 », natao tany Djibouti tamin'ny 8 ka hatramin'ny 12 martsa 2023 lasa teo. Teo amin'ny sokajy lehilahy aza dia mpilalao Malagasy avokoa ireo nitana ny laharana 4 voalohany : -« Champion » : Rakotoarimanana Fabio MAD, -« Vice champion » : Razafinarivo Antoine MAD, -« 3e place » : Nativel Jonathan MAD, -« 4e place » : Ravonison Stephen MAD. Ary mbola mpilalao Malagasy ihany koa no « Championne » teo amin'ny fifaninanana olon-tokana vehivavy dia ny vavy tokana Raharimanana Hanitra.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Tongo-kisoa sy poivron, ary tongolo gasy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ridritra izany, na hatao ketsaketsa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa


### Fomba natoraly fanalana rano amin'ny havokavoka

Ilay misy rano ao amin'ny havokavoka, ny tokony hatao amin'izany indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ny fisehony:
- Marary ny tratra.
- Mikohoka.
- sempotra.
- manavy.

Ny antony :
- Tsy miasa tsara ny fo na ny havokavoka.
- Voa marary. Voan'ny raboka. Tra-doza.
- Fifohana sigara

Ny zavatra hatao:
- Manao jus mananasy. Dite sakamalao. Dite cannelle sy jirofo.
- Ronono hasiana tamotamo ampangotrahana dia sotroina amin'ny alina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ankofa distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ankofa distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ankofa ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. Azo lazaina ho mbola iva toerana izy, satria 22 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any avaratra-afovoanin'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila, ny vary, ny voankazo toy ny letchi, ny manga. Misy Mpanjono koa ny mponina any Ankofa, satria manakaiky ranomasina izy, manakaiky ny Helodranon'i Antongil. Ao amin'ity faritra ity koa ny valan-javaboaharin'i Masoala.



LOMANO ASSM – "VIVE L'AVENIR 2023"

# Nisy ny zava-bita montsana

Nisy ny zava-bitana montsana nandritra ny fifaninanana lomano "Vive l'avenir 2023" andianay faha-11, nokarakarain'ny klioban'ny ASSM tetsy amin'ny dobo filomanosan'ny Ans Ampefiloha, tamin'ny sabotsy 11 sy alahady 12 martsa 2023, ka teo amin'ny lomano "relais 50 m quatre nages filles", no nohatsarain'ny mpilomano vehivavin'ny Managing (Antsa, Estellah, Ty Anah, Finaritra) ho 2 :14 :48 ny zava-bitan'izy ireo izay 2 :21 :19 teo aloha. Namiratra ihany koa i Rakotobe Tendry Tiavina (Ste Jeanne d'Arc), izay nahavita zava-bita tsara indrindra teo amin'ny lomano 50 m dos sokajy 14 taona ho 00 :30 :25 raha 00 :30 :58 izany teo aloha. Tamin'ny ankapobeny dia saika norombahin'ny mpilomanon'ny ASSM avokoa ireo amboaran'ny fifaninanana an'olon-tokana rehetra. Mbola norombahin'ny klioban'ny ASSM ihany koa ireo amboaran'ny « meilleur coach » sy « meilleurs relais », rehefa azon'izy ireo avokoa ny fifaninanana 6



Lomano Vive l'Avenir.

tamin'ny 8 natrehana. Norombahin-dRandrianarisoa Daniel kosa ny amboaran'ny « meilleur nageur » teo amin'ny sokajy latsaky ny 13 taona zazalahy (medaly volamena niisa 6 be izao no azony ary i Andrianaho Marie Ange Praxas, no nandrombaka ny teo amin'ny sokajy zazavavy. Teo amin'ny sokajy mihoatran'ny 14 taona kosa dia Rabejaoan Holy Antsa (Managing) no nandrombaka ny amboara «meilleure nageuse ». Niavaka tamin'ity « Vive l'avenir » andiany faha-11 ity ihany koa ny nahavitana nanatontaosa lalao famaranana «nocturnes » tamin' ny sabotsy 11 martsa teo, toy ny fanao any amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena, hoy ny tompon'andraikitra teknikan'ny St Michel, Ranaivo Aimé. Marihana fa ho fanomanana ny fifaninanana nasiônaly ho tontosaina any Toamasina amin'ny tapaky ny volona aprily 2023 ho avy izao, ka hiandrasana mpilomano manodidina ny 255 isa avy amin'ny klioba miisa 15 avy eto Analamanga sy avy any Atsinanana, Boeny, Vakinankaratra ary Alaotra Mangoro ity hetsika ity.

**Rainilita**

Championnat de Madagascar de Nach No-Gi Jiu-Jitsu

# Nahery ny ekipan'ny Checkmat fa nahazo medaly volamena 11

Nahery ny ekipan'ny Checkmat, fa nahazo medaly volamena niisa 11, tamin'ny fifaninanana « Championnat de Madagascar de Nach No-Gi Jiu-Jitsu » andiany voalohany, nokarakarain'ny FMJJ "Fédération Malagady de Jiu-jitsu" tarihan'ny filohany, Johary Rakotozafy, ka nandraisana mpikatroka nahatratra 200 isa avy amin'ny klioba niisa 11 amin'ny 16 misy eo amin'ity taranja ity avy amin'ny ligy 3 (Analamanga, Atsinanana, Vakinankaratra), izay notontosaina tao amin'ny "petit palais Majhamasina" tamin'ny sabotsy 11 martsa 2023 lasa teo. Marihana fa natao indrindra nitiliana an'ireo mpilalao handrafitra ny ekipam-pi-



Mpikarakara ny Nach No-gi teny Mahamasina.

renena Malagasin'ny taranja Jiu-Jitsu hanomana ny handraisan'i Madagasikara anjara amin'ny fifaninanana "Championnat du monde de Jiu-Jitsu" hatao any Abu-Dhabi amin'ny 23 novambra 2023 ho avy izao ity fifaninanana ity, araka ny nambaran'ny mpikarakara teny Mahamasina tamin'ny sabotsy. Ny ekipan'ny One Tribe nahazo medaly volamena 7 no nitana ny laharana faha-2 ary ny ekipan'ny Cuerreros (medaly volamena 5) no laharana faha-3. Voahosotra ho "meilleur combattant" i Nantenaina avy amin'ny Checkmat ary ho "meilleur technicien" i Mathieu avy amin'ny Guerreros. Ireo tompondakan'ny Nach No-gi tamin'ity andiany voalohany ity :
-« Avancé COQ » : Tojo (One Tribe), -«Avancé Plume » : Diary (Southside), -« Avancé Léger » : Tsinjo (One Tribe), -« Avancé Mi-moyen » : Nicky (One Tribe), -« Avancé Moyen » : Séraphin (One Tribe), -« Avancé Mi-lourd » : Zo Aina (Guerreros), -« Avancé Lourd » :Fabien (One Tribe), -« Master » : Kiki (Checkmat).

**Rainilita**

Orange Pro-League 2022-2023" andro faha-9

# Tsy tontosa ny lalao tany Toliara



Orange Pro-League 2022-2023.

Tsy tontosa noho ny resaka kianja ny lalao baolina kitra, "Orange Pro-League 2022-2023" andro faha-9, tokony ho natao tao amin'ny kianja Maître Kira Andaboly tamin'ny faran'ny herinandro teo. Ireo lalao hafa rehetra kosa dia nizotra tamin' ny antsakany sy andavany avokoa. Voka-dalao « Conférence Nord » : -As Fanalamanga 0-0 Cosfa, -Fosa Juniors FC 1-0 Uscafoot , - Tia Kitra Fc Toamasina 0-1 Ajesaia. Voka-dalao "Conférence Sud" : -Jet Kintana 1-5 Disciples FC, - MAMA FC 1-3 Elgeco Plus, - CFFA-Andoharanofotsy 2-1 Zanakala FC HM, -3Fb Toliara - Dato Fc (tsy tontosa.

**Rainilita**

Assanati Famo Gidraka

# Mampitandrina ireo kaonty fako facebook misoloky ny anarany

Misy amin'izao fotoana ireo kaonty fako, na compte fake amin'ny facebook misoloky ny anaran'i Assanati Famo Gidraka. Manoloana izany, nanao fanambarana ny tenany: "amafisiko etoana hatrany fa tsy tompon'Andraikitra amin'ireo kaonty izay mitondra ny anarako Aho, ka misoloky maka vola aminareo hoe: " Droit mba hahazoana vola na fanomezana . Tsy manana kaonty ankoatra ity ny tenako, ary tsy any Madagasikara ka hampiasa numero any Mada velively. Marihiko hatrany fa tsy misy vola aloha ato amin'ny Fikambanana na ato amin'ny facebook, fa maimaimpoana avokoa, ary tsy misy tambiny. Koa Samia mailo sy mitandrina fa tsy kely lalana ny ratsy havako aby. Efa manao ny asany ny tompon'andraiki-pahefana manoloana izao fisolokiana izao. Ny teny filamatra atsika moa dia ny hoe : atsika rehetra miaraka amin'ny Assanati Famo Gidraka ary ny Werawera tsy maintsy mandeha."



Assanati Famo Gidraka.

**Helisoa**

Mpanakanto Frantsay Tayc

# Nandalo teny amin'ny Akany Avoko Faravohitra notarihan'ny Telma

Tamin'ny fandalovan'ilay mpanakanto Frantsay teratany Kameroney, Julien Bouadjie fantatry ny maro amin'ny hoe: Tayc, teny amin'ny Akany Avoko Faravohitra tamin'ny zoma 10 martsa 2023 lasa teo, nialohan'ny niakarany an-tsehatra teny amin'ny « Palais de Sports Mahamasina » tamin'io andro io ihany, izay tafiditra tao anatin'ny fanamarihana ny andron'ny zon'ny vehivavy maneran-tany "8 martsa 2023", no nanambaran'ny solontenan'ny orinasa Telma, izay nitarika an'ity mpanakanto ity teny an-toerana, amin'ny maha-mpiara-miombon'antoka mavitrika azy amin'io ivon-toerana fitaizana zatovovavy nania sy niharan'ny herisetra samihafa teo anivon'ny fiaraha-monina nisy azy ireo. Fa : « fa ity orinasa ity dia tsy manana fironana ara-pôlitika ary tsy miandany amin'iza na amin'iza amin'ny fiatrehana ny fifidianana izany, fa ny tena imasoan-dry zareo dia fanaparitahana ny tolotra ara-pifandraisana, mba ho jifain'ny mponina rehetra manerana ny Nosy, ka hampivoatra ny fiainana andavanandron'ny daholobe, ka tsy mibanjina afatsy ny fampandrosoana ara-toekarena an'i Madagasikara. Noho izany dia nampahatsiavin'izy ireo, fa henjehan'ny lalàna manankery ny fampiasana tsy nahazoana alalana avy amin'izy ireo ny famantarana rehetra mikasika an'ity orinasa, ka azo ampiharina an'izany lalàna izany izay minia mandika an'izany. Tao Faravohitra dia afaka nifanerasera nivantana sy nifanakalo hevitra tamin'ireo zatovovavy ao amin'ity akany ity ary niara-nihira ny hirany sy niaranaka sary sy nangalan'izy ireo "autographe" ihany koa Tayc. Taorianan'ny famelabelarana fohifohy mikasika an'ity akany Ny Avoko ity nataon'ny Taleny, Ramatoa Hery Fanomezantsoa Faraniaina, ka nahafantarany tamin'ny ambagonvangony ny zavatra atao ao dia nanambara i Tayc fa reharehan'ireo ankizy taizana ao ny fanan'izy ireo ny akany Ny Avoko, satria fantany tsara ny fiaimpiainana iainan'ny vehivavy noho izy niara-niaina an-taonany maro tamin'ny vehivavy niisa 9 be izao. Voaasan'ity mpanakanto ity hanatrika ny fampisehoana nataony teny Mahamasina tamin'io zoma io ireo zatovo vavy tezaina eny Faravohitra. Amin'ny ankapobeny dia fantatra, fa miisa 50 isa izy ireo no tazaina ao amin'ity toerana ity ankehitriny ary misy ny mamonjy fianarana ivelan'ny akany.

**Rainilita**



Mpanakanto Frantsay Tayc nandalo teny Faravohitra.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 11/03/2023 hatramin'ny 18/03/2023**

- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 522 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09/020 85 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 78 355 09/034 34 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1412-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony


### FIAROVANA HARENA VOAJANAHARY

# Voararan'ny lalàna ny fihazana, ny fihinanana varika

*Voararan'ny lalàna ny fihazana, ny fihinanana ary ny fivarotana varika.*

Araka ny fanomezam-baovao izay voarain'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy amin'ny fisian'ny fihazana varika ao Maroantsetra, faritra Analanjirofo, ny Ministera dia mampahatsiahy fa ny varika dia voasokajy ao anatin'ny biby arovana indrindra eto Madagasikara (Catégorie I, Classe I).Voararan'ny Lalàna eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny fihazana, ny fiompiana, ny fivarotana ary ny fihinanana varika araka ny voalaza ao amin' ny Andalana faha-2 ny Didim-panjakana 2006-400, sy ny Andalana faha-29 ny Lalàna 2005-018 ny CITES - Fifanarahana momba ny varotra iraisam-pirenena amin'ny karazam-biby sy zavamaniry. Ny tsy fanarahana ireo lalàna ireo dia mahavoasazy higadra an-tranomaizina hatramin'ny 2 taona, miampy lamandy 10 tapitrisa ka hatramin' ny 50 tapitrisa Ar. Mahakasika ny tranga niseho ny 10 martsa lasa teo tao Maroantsetra dia natolotra ny fampanoavana ilay olona iray tratra nihaza varikosy tao Manambolo distrikan'i Maroantsetra, taorian'ny fidinana tampoka nataon'ny DREDD Analanjirofo. Ny 31 martsa izao no hiakatra fitsarana ity olona ity, nogiazana ihany koa ny basy nampiasainy nitifirana varika. Mamerina hatrany ny fanambarana, fa mitondra tombony ara-tontolo iainana sy ara-toekarena ho antsika ny varika. Ho fiarovana azy ireo tsy ho lany tamingana dia entanina isika rehetra tsy hisalasala hampandre ny rantsamangaikan'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy Manerana ny Nosy, na ny Mpitandro ny filaminana, raha mahita tranga fihazana, fiompiana, fivarotana varika.

***Aly***



*Varika, anisan'ny harenantsika Malagasy ka tokony ho arovana.*

### By-Pass Alasora

# Tapaka ny lalana amin'ny 10 ora maraina ka hatramin'ny 6 ora hariva

Hisy ny fanelingelenana eny amin'ny By-pass Alasora, ho an'ny mampiasa izany lalana izany, ho tapaka ny lalana amin'ny 10 ora maraina ka hatramin'ny 6 ora hariva. Araka ny fanambaran'ny tompon'andraikitra:"tsara ho fantatra mahakasika ny fifamoivoizana eny Alasora, hisy ny fotoana fahatapahan' ny lalana noho ny fanamboaran-dalana atao eny an-toerana. Tsara ny mampahafantatra antsika mpampiasa lalana, fa hisy ny fahatapahan-dalana eny By -pass (Alasora ), noho ny fanamboaran-dalana ataon'ny Minisiteran'ny asa vaventy eny an-toerana . Mety hiteraka fitohanana izany saingy hiezaka ny Polisim-pirenena amin'ny fandrindrana ny fifamoivoizana .Hisy ny fivilian-dalana ataon'ny Minisitera mandritra fahatapan-dalana. Toy izao ny ora azo ifamezivezentsika mpampiasa lalana : 06 0ra maraina - 10 ora maraina : misokatra ny lalana. Amin'ny 10 ora maraina ka hatramin'ny 06 ora hariva : tapaka ny lalana."

***Aly***




*Ny fahapotehan'ny lalana eny amin'ny faritry ny By-Pass Alasora.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 427**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0426)

***Mitsivalana***
- Mamitaka
- Adino – AR
- Nivadika
- Osy (miv) – Siny (miv)
- Na
Ratsy – Ti
- Avo – Ra

***Mitsangana***
- Manitra
- Sida (miv) – Av
- Mivonto
- In – As
- Tody – (H)ir(a)
- Iny
- Kaki
- Mitsara

**TENY MIFANAPAKA N° 427**




**Mitsivalana**

**1.** Savoritaka **2.** Marary saina – Daroka **3.** Midoboka – Solfa **4.** Ao an-damosina (BR) **5.** Vokatry ny tany – Esotra **6.** Fiandohan'ny tiona – Lambahoany **7.** Tonia (miv) – Mpisolo tena **8.** Mpanoritra – Fanamarinana – Valizy vy (miv) **9.** Ray kely **10.** Manam-pahalalana

**Mitsangana**

**A.** Aretin'ny tenda **B.** Fanafody – Lovia **D.** Tsy mendrika – Naoty **E.** Aro orana (miv) – Vazo masina (miv) **F.** Nanohitra – Maneho aretina **G.** Foto-tenin'ny fipoahana – Enti-milaza **H.** Fonenan'ny Mpanjaka (miv) – Hazo maro **I.** Kianteny – Tazanay (miv) **J.** Tanàna **K.** Androany (miv) – Soloy

### Valiny Teny mifanaraka 0426

**Mitsivalana**

**1**.Sakamalao **2.** Lasa (miv) - Ianao **3.** Karoka - AN **4.** Abidy - Kere (miv) **5.** Fo - Maty (miv) - Mi **6.** Fanoto (miv) - Soa (miv) **7.** ST - Posy **8.** Miato - Avia **9.** Va(lo) - Vato (miv) **10.** Anio - Mahay

**Mitsangana**

**A** Sakafo - MLA **B.** Asabotsy **D.** Kary - Ivato (miv) **E.** Nidola (miv) - Tao **F.** Kitapo **G.** Aia - Afo - OM **H.** La - EM - Sata **I.** Rana (miv) - Havia (miv) **J.** Omenao (miv) - Iva **K.** Kisoa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny fifampiarahabana tratry ny taona nokarakarain'ny DISTIM Ambohidratrimo ny alahady teo, tao amin'ny Espace SK Melody Mandriambero, natrehan'ny filoha Marc Ravalomanana.**















